

# Satana manohitra an'i KRISTY



- Misy fandresena lehibe manoloana ny fanahy ratsy.
- Aza manompo ny mpamitaka na oviana na oviana, dia Satana na ny demonia.
- Voaheloka mandrakizay izay rehetra mandray ny “mariky ny bibi-dia” eo amin'ny tàmàny sy ny handriny mba ahafahan'izy ireo mividy sy mivarotra.

Fanangonan-teny nataon'i Watson Goodman

Omena maimaimpoana - tsy azo amidy.

## ***Satana manohitra an'i Kristy***

Ny famaritana ny hoe “Satana” ao amin’ny Tenin’ Andriamanitra dia “ny andrianan’izao tontolo izao”, izy no fahavalon’Andriamanitra voalohany sy ambony indrindra amin’ny zava-boarin’Andriamanitra – olona. Eo amin’ny toeram-piadiana mahakivy ny zanak’olombelona. Ny ady izay ifamelezan’i KRISTY sy Satana. Tsy maintsy misafidy izay ho tompontsika mandrakizay amin’izy roa ireo isika, dia KRISTY Ilay Mpamorona – dia Ilay Imanoela (amintsika Andriamanitra) – na Satana, ilay zava-boary – izay andrianan’ny mpikomy amin’Andriamanitra. Tamin’ny alalan’ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin’ny maty no nahazoan’i KRISTY fandresena feno ho an’izay rehetra hino Azy marimarina tokoa.

Miezaka mamitaka sy mitarika ny olona ho amin’ny ratsy amin’ny fomba maro Satana. Ny fiankohofana aminy no tanjony. KRISTY, Ilay Mpamorona antsika no mendrika hahazo ny fiankohofana rehetra. Manahaka an’izay tompontsika isika. Ireo fakam-panahy farany ataon’i Satana mba hamaboana ny ankamaroan’ny olona amin’izao tontolo izao dia: (1) tsy fiankinan-doha amin’Andriamanitra, (2) fan-katoavana ny demonia, (3) fanompoana ilay “lehilahin’ota”, (4) fanompoana ny “sariny”, ary (5) fandraisana ny marika amin’ny vatana ho an’izay mitady fahafahana hividy sy hivarotra. Tandremo ireo rehetra ireo!

## **TSY NAMORONA MPANOHITRA ANDRIAMANITRA**

### ***Andriamanitra dia Namorona an'i Losifera mba Hanana ny Toerana Ambony Indrindra tao An-danitra***

Izao no lazain'i Jehovah Tompo: "Ry ilay mahatanteraka ny rafitra tsara tonga marika, sady feno fahendrena no tena tsara tarehy. Tany Edena, sahan'Andriamanitra, hianao; ny vato soa rehetra no eloelo teo amboninao, dia ny karneola, ny topaza, ny onyksa, ny krysolita, ny beryla, ny jaspy, ny safira, ny robina, ny emeralda ary ny volamena; ny fampanenoana ny ampongatapakao sy ny sodinao dia tao aminao, tamin'ny andro namoronana anao dia natao koa ireo."

### ***Teo Akaikin'ny Seza Fiandrianan'Andriamanitra Izy***

"Hianao dia kerobima voahosotra izay manaloka, fa voatendriko hianao; tao an-tendrombohitra masin' Andriamanitra hianao; tao amin'ny vato mirehitra no nitsangatsangananao."

### ***Noforonina tsy Nanan-tsiny izy***

"Tsy nanan-tsiny hianao tamin'ny nalehanao hatramin'ny andro namoronana anao ka mandra-pahita heloka tao aminao."

### ***Nanary ny Fahotana Andriamanitra***

"Noho ny habetsahan'ny varotra nataonao dia nofenoina loza tao aminao, ka nanota hianao; ary dia nolotoiko ka nariako niala tamin'ny tendrombohitr'Andriamanitra hianao. Ary nosimbako hianao, ry kerobima manaloka, hiala tao amin'ny vato mirehitra." —Ezekiela 28:12b-16

## **INONA NO NAHATONGA NY FAHOTAN'I LOSIFERA?**

Ny fiavonavonana mialoha ny fahasimbana, ary ny fanahy mirehareha mialoha ny fahalavoana.

—Ohabolana 16:18

“Niavonavona ny fonao noho ny hatsaran-tarehinao; efa nahasimba ny fahendrenao mbamin'ny famirapiratanao hianao; nazerako eny an-tany hianao sady natolotro ho fitalanjonan'ireo mpanjaka.”

—Ezekiela 28:17

### ***Ny Anjaran'ny Mpikomy***

“Noho ny haben'ny helokao tamin'ny tsi-fahamarinan'ny varotrao, dia voalotonao ny fitoeranao masina; koa izany no hamoahako afo avy ao aminao handevona anao, ary hataoko tonga lavenona eny ambonin'ny tany hianao eo imason'izay rehetra mijery anao. Ny firenena rehetra izay mahalala anao dia ho gaga anao; ho tonga fampitahorana hianao ary tsy ho ao intsony mandrakizay.”

—Ezekiela 28:18, 19

### ***Ny Voary rehetra dia Tsy Mainty ho Ambany Fifehezan'ny Mpamorona***

Manompoa an'i Jehovah amin'ny fifaliana; mankanesa eo anatrehany amin'ny fihobiana. Aoka ho fantatrareo fa Jehovah no Andriamanitra; Izy no nanao antsika ary Azy isika, dia olony sy ondry fiandryny.

—Salamo 100:2, 3

## FANAMBARANA FAHALEOVANTENA NATAON'I LOSIFERA

### ***Ny Faniriany izay Nifanohitra tamin'ny Sitrapon'Andriamanitra***

“Endrey! latsaka avy tany an-danitra hianao, ry ilay fitarik'andro, zanaky ny maraina; voakapa hianjera amin'ny tany hianao, ry ilay mpandripaka firenena. Ary hianao efa nanao anakampo hoe: Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin'ny kintan'Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako; dia hipetraka eo an-tendrombohitra fivoriana any am-parany avaratra aho. Hiakatra ho any ambonin'ny havoan'ny rahona aho ka ho tahaka ny Avo Indrindra.”

### ***Miasa Fandravana eto An-tany izy***

“Kanjo hampidinina hatrany amin'ny fiainan-tsi-hita ho any am-para-vodi-lavaka hianao. Izay mahita anao hibanjina anao sy hihevitra anao hoe: ‘Moa io va ilay lehilahy nampihorohoro ny tany sy nampihozongozona ny fanjakana. Ary nanao izao tontolo izao ho efitra sy nandrava ny tanànanany ary tsy nandefa ny mpifatotra hody?’”

### ***Izy dia Fahavetavetana eo Anatrehan'Andriamanitra***

“Ny mpanjaka rehetra amin'ny firenena samy mandry amin'ny voninahitra avokoa, ary samy ao am-pasany avy. Fa hianao kosa dia nariana niala lavitra ny fasanao, tahaka ny solofon-kazo ratsy izay ariana, sady voatsindrin'ny fatin'ny voavono hianao, dia ireo voatrabaky ny sabatra, ka midina ho ao amin'ny vato ao an-davaka.”

—Isaia 14:12-19a

## ZAVA-DOZA NY TSY FIANKINANA AMIN'ANDRIAMANITRA

### ***Amin'ny Losifera aloha***

(Jereo ny faniriana dimin'i Losifera ao amin'ny Isaia 14:13, 14 ao amin'ny pejy 3.)

Fa hoy Jesosy taminy: “Izaho nahita an'i Satana latsaka avy tany an-danitra tahaka ny varatra.” —Lioka 10:18

### ***Amin'ireo Anjely izay Manaraka an'i Satana***

Fa raha tsy navelan'Andriamanitra ny anjely fony nanota, fa noroahiny ho any amin'ny helo ka natolony ho ao an-davaka maizina mba hotehirizina ho amin'ny fitsarana. —2 Petera 2:4

### ***Amin'ireo Olona azon'i Satana Fitahina***

Tsy izay zazavao amin'ny fivavahana, fandrao hieboebo foana izy ka ho latsaka amin'ny fahamelohan'ny devoly.

—1 Timoty 3:6

Fa izay maharesy ny olona dia mahandevo azy.

—2 Petera 2:19b

“Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana, ary raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny.” —Matio 24:24

### ***Tsy maintsy Sitrapo Iray ihany no ho ao An-danitra - dia ny Sitrapon'Andriamanitra Marina***

Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon' Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.

—Romana 12:2

Hisy sitrapo an-tapitrisany any amin'ny Helo dia ny fifankahalan'ny tsirairay mandrakizay.

## **MANANA ZO HAHAZO NY FIANKOHOFANA REHETRA ANDRIAMANITRA**

“Izaho no JEHOVAH Andriamanitrao, Izay nitondra anao nivoaka avy tany amin'ny tany Egipta, tamin'ny trano nahandevozana. Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany.”  
—Deuteronomia 5:6, 7

Manomeza an'i JEHOVAH ny voninahitry ny anarany; mitondrà fanatitra, ka mankanesa eo anatrehany; miankohofa eo anatrehan'i JEHOVAH amin'ny fihaingoana masina.  
—1 Tantara 16:29

“Ary miankohofa eo anoloan'Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano.” —Apokalypsy 14:7b

Fa hoy Jesosy taminy: “Mandehana hianao, ry Satana: fa voasoratra hoe: ‘Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy ireny ihany no hotompoinao.’”  
—Matio 4:10

Dia niankohoka teo amin'ny tongony aho mba hivavaka aminy. Ary hoy izy tamiko: “Tandremo, aza manao izao; fa mpanompo namanao ihany aho sady naman'ireo rahalahinao izay mitana ny filazana an'i Jesosy; Andriamanitra ihany no ivavaho!”  
—Apokalypsy 19:10a

Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika; aoka isika handohalika eo anatrehan'i JEHOVAH, Mpanao antsika.  
(Jereo Genesisy 1:27.)  
—Salamo 95:6

### ***Miankohoka Amin'ilay Mpikomy Ireo Voafitaka***

Ary gaga ny tany rehetra nanaraka ilay bibi-dia. Ary dia niankohoka teo anoloan'ilay dragona ireo, satria izy no nanome ny fahefana ho an'ny bibi-dia; ary niankohoka teo anoloan'ny bibi-dia koa ireo.  
—Apokalypsy 13:3b,4a

## **AZA MIANKOHOKA AMIN'NY MPANOHITRA AN'ANDRIAMANITRA!**

### ***Maniry ny hiankohofana i Satana sy ny Demonia***

Ary ny devoly nitondra Azy indray nankany an-tendrom-bohitra avo dia avo ka naneho Azy ny fanjakana rehetra amin'izao tontolo izao mbamin'ny voninahiny. Dia nanao taminy hoe: “Izao rehetra izao dia homeko Anao, raha hiankohoka eto anatrehako Hianao.” –Matio 4:8, 9

Nefa ny olona sisa, izay tsy matin'ireo loza ireo, dia tsy nibebaka hiala tamin'ny asan'ny tàmany, mba tsy hivavaka amin'ny demonia sy ny sampy volamena sy volafotsy sy varahina sy vato ary hazo, izay tsy mahajery, na mahare, na afa-mamindra. –Apokalypsy 9:20

### ***Mandringana ny Mpiankohoka Tahaka izany Andriamanitra***

Dia nisy ny vay ratsy sady mampahory tamin'ny olona izay nanana ny mariky ny bibi-dia sy niankohoka teo anatrehan'ny sariny. Dia samy notsaraina araka ny asany izy. Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo.

–Apokalypsy 16:2b; 20:13b, 14

Izaho no JEHOVAH, izany no anarako, ka ny voninahitro tsy homeko ny hafa, na ny fiderana Ahy ho an'ny sarin-javatra voasokitra. –Isaia 42:8



## **NY ANJELIN'I KRISTY SY NY ANJELIN'I SATANA**

### ***Ny Anjelin'ny Tompo dia Matanjaka kokoa noho ny Anjelin'i Satana***

Misaora an'i JEHOVAH, hianareo anjelin'ny, dia hianareo izay mahery indrindra sady mankatò ny didiny ary mihaino ny feon'ny Teniny. —Salamo 103:20

Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjelin'ny niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona mbamin'ny anjelin'ny kosa dia niady, nefa tsy naharesy. —Apokalypsy 12:7, 8a

### ***Ny Anjely Masin'Andriamanitra dia Mitandrina sy Miaro ireo Olon'ny Tompo***

Tsy fanahy manompo va izy rehetra, nirahina hanao fanompoana ho an'izay handova famonjena? —Hebreo 1:14

Fa Izy handidy ny anjelin'ny aminao mba hiaro anao eny amin'izay rehetra halehanao. Eny an-tànany no hitondran' ireo anao, fandrao ho tafintohina amin'ny vato ny tongotrao. —Salamo 91:11, 12

### ***Ny Anjely Nazera (demonia) dia Nivonona Hitondra Olona ho any amin'ny Helo***

“... ka mitondra fanahy fito hafa koa ratsy noho izy; dia miditra ireo ka mitoetra ao; ary ny faran'izany olona izany dia ratsy noho ny voalohany.” —Lioka 11:26b

Fa ny Fanahy milaza marina fa amin'ny andro aoriana dia hihemotra amin'ny finoana ny sasany, manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran'ny demonia. —1 Timoty 4:1

## **IZA ARY INONA NO TENA HALAN'I SATANA**

### ***Ny Olona Nohariana Hitovy Endrika amin'Andriamanitra***

Ary raha mbola nanatona izy, dia nampihinjitrinjitra sy nampifanintontsitona azy ny demonia. Ary Jesosy niteny mafy ny fanahy maloto ka nahasitrana ny zazalahy; dia natolony tamin-drainy indray izy. —Lioka 9:42

### ***Ny Fianakaviana – Fitahiana avy amin'Andriamanitra***

“Ary hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona izay manozona anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany.” —Genesisy 12:3

### ***Kristy (Andriamanitra tonga Nofo), miaraka amin'ny Famonjena ao amin'ny Maha-Olona Azy Indrindra sy ny Rany Araka ny Fomban'Andriamanitra***

Ary nony efa fantatr'i Heroda ..., dia tezitra indrindra izy ka naniraka namono ny zazalahy rehetra hatramin'ny roa taona no ho midina, izay tao Betlehema sy tamin'ny manodidina rehetra, araka ny andro izay nofotorany fatratra tamin'ny Magy. —Matio 2:16

### ***Ny Tenin'Andriamanitra – Manohitra Izany Satana***

“Hanky! Efa nataon'Andriamanitra hoe ...?” Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: “Tsy ho faty tsy akory hianareo.” —Genesisy 3:1b, 4

### ***Ireo Mpino Nateraky ny Fanahy***

Fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mieronana mitady izay harapany. —1 Petera 5:8b

## SATANA, ILAY MPAKA TAHAKA

### ***Maka Tahaka ny Mariky ny Maha-Tompon-javatra***

Ary tsy hisy ozona intsony; ary ny seza fiandrianan' Andriamanitra sy ny Zanak'ondry ho eo aminy; ary ny mpanompony dia hanompo Azy. Ka hahita ny tavany, ary ny anarany dia ho eo amin'ny handriny. —Apokalypsy 22:3, 4

*(Jereo ny fakan-tahak'i Satana ao amin'ny pejy 35)*

### ***Mamadika ny Filazantsara amin'ny alalan'ny Lainga***

Gaga aho, raha mifindra faingana toy izao hianareo hiala amin'izay efa niantso anareo tamin'ny fahasoavan'i Kristy ho amin'ny filazantsara hafa. Izay tsy filazantsara akory, fa saingy misy ny sasany mampitabataba anareo ka tahamadika ny filazantsaran'i Kristy. —Galatiana 1:6,7

### ***Maka Tahaka ny Mpanompon'Andriamanitra***

Fa Apostoly sandoka izy ireny, mpiasa mamitaka, ka dia mampiova ny endriny ho tahaka ny apostolin'i Kristy. Ary tsy mahagaga izany, fa Satana aza mampiova ny endriny ho tahaka ny anjelin'ny mazava. —2 Korintiana 11:13,14

### ***Maka Tahaka ny Fahagagana ataon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fahagagana Mandainga***

*(2 Tes 2:9; Apok 13:13, 14; 19:20)*

Tahaka an'i Kristy izay mandray fanapahana rehefa manompo Azy marina tokoa ny olona iray, no mba hakan'i Satana fanapahana koa rehefa manompo azy na ny andriamaniny ny olona.

JEHOVAH Andriamanitray ô, tsy Hianao ihany no efa nampanompo anay. —Isaia 26:13a

## **AROVOY AMIN'NY SAMPY NY TENANAO**

Anaka, arovy ny tenanareo amin'ny sampy.

–1 Jaona 5:21

“Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany. Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra izay eny amin'ny lanitra ambony, na izay etý amin'ny tany ambany, na izay any amin'ny rano ambanin'ny tany. Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy.”

–Eksodosy 20:3-5a

### ***Ny andriamani-kafa dia fahavetavetana eo Imason'Andriamanitra. Voarara ny Fanatitra Ho An'olona***

“Horavanareo mihitsy ny fitoerana rehetra izay nanompoan'ny firenen-tsamy hafa izay horoahinareo ny andriamaniny teny ambonin'ny tendrombohitra avo sy ny havoana ary teny ambanin'ny hazo maitso rehetra. Dia mitandrema, fandrao voafandrika hanaraka ny fanaony hianao, rehefa voaringana eo anoloanao izy. Aza manao toy izany amin'i JEHOVAH Andriamanitrao; fa ny fahavetavetana rehetra, izay halan'i JEHOVAH, no nataony tamin'ny andriamaniny; fa ny zanani-lahy sy ny zanani-vavy aza dia nodorany tamin'ny afo ho an'ny andriamaniny.”

–Deuteronomia 12:2 sy 30a, 31

Hanolotra ... va aho, na ny ateraky ny kiboko noho ny fahotan'ny fanahiko?

–Mika 6:7b

Manasa fahotana ny ran'i Kristy.

## FANOMPOAN-TSAMPY

### ***Ny Hadalana amin'ny Fanompoan-sampy***

Ary ny fahamarinan'Andriamanitra dia nosoloany lainga, ka nanaja sy nanompo ny zavatra natao izy, fa tsy ny Mpanao, izay isaorana mandrakizay. Amena.

—Romana 1:25

Nefa any an-danitra Andriamanitsika; efa nanao izay sitrapony rehetra izy. Volafotsy sy volamena ny sampin' ireny, asan'ny tanaan'olona: manam-bava izy, fa tsy miteny; mana-maso izy, fa tsy mahita; manan-tsofina izy, fa tsy mandre; manana orona izy, fa tsy manimbolo; manan-tànana izy, fa tsy mandray; manan-tongotra izy fa tsy mandeha; ary tsy mahaloha-peo ny tendany. Ho tahaka azy izay manao azy sy izay rehetra matoky azy.

—Salamo 115:3-8

### ***Ny Fanompoan-tsampy dia Fanompoana ny Devoly***

Mandosira ny fanompoan-tsampy. Tsia, fa izay zavatra aterin'ny jentilisa ho fanatitra, dia ateriny amin'ny demonia, fa tsy amin'Andriamanitra; koa tsy tiako ho mpiombona amin' ny demonia hianareo.

—1 Korintiana 10:14b sy 20

### ***Ny Famaizana ho an'ny Fanompoan-tsampy***

“Ny mpanompo sampy ... dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy mirehitra afo sy solifara; izany no fahafatesana faharoa.”

—Apokalypsy 21:8b

## **ANKAHALAIN'ANDRIAMANITRA NY FANOMPOAN-TSAMPY (DEVOLY)**

### ***Nohon'ny Sampy no Nandravan'Andriamanitra Firenena Maro – Aoka tsy Hisy Sampy ao An-tranonao!***

“Tsy hisy olona hahajanona eo anoloanao, fa haringanao avokoa izy mandra-pahalaniny. Ny sarin-javatra voasokitra, izay andriamaniny, ho doranareo amin'ny afo; aza mitsiriritra ny volafotsy na ny volamena izay eo aminy, na maka izany ho anao, fandrao ho voafandriny hianao, fa fahavetavetana eo imason'i JEHOVAH Andriamanitrao izany. Ary aza mitondra fahavetavetana ho ao an-tranonao, fandrao ho voaozona tahaka izany koa hianao.”

—Deuteronomia 7:24b-26a

### ***Nahoana no Maro tamin'ireo Firenena Voafidin'Andriamanitra no azon'ny Demonina nandritra ny Asa Fanompoan'i Kristy? Nanompo Devoly ny Razan'izy ireo!***

Dia nanompo ny sampiny izy, ka dia nody fandrika ho azy izany. Namono ny zanani-lahy sy ny zanani-vavy ho fanatitra ho an'ny demonina ireo. Dia nirehitra tamin'ny olony ny fahatezeran'i JEHOVAH, ka nataony ho zava-betaveta ny lovary.

—Salamo 106:36, 37 sy 40

Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy; fa izaho, JEHOVAH Andriamanitrao, dia Andriamanitra saro-piario ka mamaly ny heloky ny ray amin'ny zanaka hatramin' ny zafiafy sy ny zafindohalika, dia amin'izay mankahala Ahy.

—Eksodosy 20:5

## NY MOSAVY REHETRA DIA FAHOTANA

“Aza velomina ny vehivavy manana ody.”

–Eksodosy 22:17

“Aza mivily hanaraka izay manao azy ho tsindrian-javatra, na mitady saina amin’ny mpanao hatsarana, hahaloto anareo aminy.”

–Levitikosy 19:31a

“Hofoanako tsy hisy amin’ny tãnanao ny fankatovanao, ary tsy hanana mpanandro intsony hianao.”

–Mika 5:11

“Fa ny miodina dia toy ny heloka amin’ny fankatovana, ary ny ditra dia toy ny manompo sampy sy terafima. Satria nandà ny tenin’i JEHOVAH hianao, dia nolaviny tsy ho mpanjaka kosa.”

–1 Samoela 15:23

“Rehefa tonga any amin’ny tany izay omen’i JEHOVAH Andriamanitrao anao hianao, dia aza mianatra hanao araka ny fahavetavetana ataon’ireo firenena ireo. Aoka tsy hisy eo aminao izay mampandeha ny zanani-lahy na ny zanani-vavy hamaky ny afo, na mpanao fankatovana, na mpanandro, na mpanao sikidy, na mpanana ody, na manao ho masimbava, na mpanadina amin’ny manao azy ho tsindrian-javatra, na mpanao hatsarana, na mpanontany amin’ny maty. Fa fahavetavetana eo imason’i JEHOVAH izay rehetra manao izany zavatra izany, ary izany fahavetavetana izany no androahan’i JEHOVAH Andriamanitrao azy eo anoloanao.”

–Deoteronomia 18:9-12

**“FANONTANIANA AMIN’NY MATY”**: Fomba fanao hamantarana ny toe-javatra ho avy amin’ny alalan’ny firesahana amin’ny fanahin’ny maty, majika maizina.

## FILAZANA NY HO AVY AMIN'NY ALALAN'NY FANAMPIAN'NY DEVOLY

***Andriamanitra dia Mandrara ny Fanandroana,  
Famosaviana, Fitetehana sy Fanaovana Tombo-kavatsa  
amin'ny Vatana***

“Aza homana zavatra misy ra; aza manao sikidy na manandro. Ary aza mitetika ny tenanareo noho ny maty, na manao toambo-kavatsa amin'ny tenanareo: Izaho no JEHOVAH.”  
—Levitikosy 19:26 sy 28

“Ary aza mihaino ny mpaminaninareo hianareo, na ny mpanao fankatovanareo, na ny nofinareo, na ny mpanandronareo, na ny mpanana odinareo.”

—Jeremia 27:9a

“Ary ... Aho ka ho vavolombelona faingana hanameloka ny mpanana ody sy ny mpijangajanga sy ny mpianian-tsy to.”

—Malakia 3:5b

Fa ny sampy niteny zava-poana, ary ny mpanao fankatovana nahita lainga ka nilaza nofy lainga, foana ny nampiononany; koa izany no naniavany toy ny ondry; ory izy, satria tsy misy mpiandry.

—Zakaria 10:2

### ***Matokia Ilay Mpiandry Marina***

[Hoy Jesosy,] “Aza malahelo ny fonareo; minoa an' Andriamanitra, ary minoa Ahy koa.”  
—Jaona 14:1

**Sikidy:** Filazana mialoha ny ho avy na zavatra tsy fantatra amin'ny alalan'ny fomba tsy marina.

**Famosaviana:** Majika ampisehoana fahaizana miaraka amin'ny fanampian'ny fanahy ratsy.



## **TSIPAHO NY FOMBA REHETRA MOMBA NY SIKIDY**

### ***Misikidy amin'ny alalan'ny Fanahy efa Mahazatra***

Ary raha lazainy aminareo hoe: Milà saina amin'ny manao azy ho tsindrian-javatra sy ny mpanao sikidy, izay mitsiatsiaka sy miboeriboerika, moa tsy Andriamaniny va no tokony hilan'ny olona saina?  
—Isaia 8:19a

### ***Fampiasana Faritra amin'ny Vatana, Sary***

“Fa ny mpanjakan'ny Babylona mijanona eo amin'ny sampanan-dàlana, dia eo an-dohan'ny làlana roa, mba hanao sikidy; dia manetsiketsika ny zana-tsipika izy ary manontany amin'ny sampy sy mizaha amin'ny atin-kena.”

—Ezekiela 21:26

### ***Misikidy amin'ny alalan'ny Tapa-kazo***

Ny oloko dia mila saina amin'ny tapa-kazony, ary ny tehiny no manambara aminy; fa ny fanahim-pijangajangana no nampania azy, ary lasan-ko janga izy ka tsy manaiky an'Andriamaniny.

—Hosea 4:12

### ***Famaizana ho an'ny Fanaovana Sikidy***

Eny, maty Saoly noho ny nivadihany tamin'i JEHOVAH, dia noho ny tsy nitandremanany ny tenin'i JEHOVAH sy noho ny nakany saina tamin'izay nanao azy ho tsindrian-javatra. Ary noho ny tsy nanontaniany tamin'i JEHOVAH, ka dia novonoiny izy.

—1 Tantara 10:13, 14a

“Dia ho menatra ny mpahita, ary hangaihay ny mpanao fankatovana; eny, hitampim-bava ..., satria tsy misy valiny avy amin'Andriamanitra.”

—Mika 3:7

## NY FOMBA FIASAN'NY ANDRIANAN'IZAO TONTOLO IZAO

### ***Manompo Sampy ny Manaraka Fanandroana***

Izao no lazain'i JEHOVAH: “Aza mianatra ny fanaon'ny jentilisa; ary aza matahotra ireo famantarana eny amin'ny lanitra; fa ny jentilisa no matahotra izany.” —Jeremia 10:2

Aza mitoky amin'ny soratra na zavatra amin'ny “vintana”, na mampiaiky ny tenanao amin'ny zava-manenon'ny devoly na sary ratsy. “**Tsy hampitoetra zava-dratsy eo anoloan'ny masoko aho**” (Salamo 101:3.) Afoizo ny fiavonavonana, fihatsarambelatsihy, sy ny finoana maty.

“Lozanareo ..., mpihatsaravelatsihy! ... izay miseho tsara tarehy eo ivelany, nefa ny ao anatin'ny dia feno ... ny fahalotona rehetra. Dia tahaka izany koa hianareo: raha amin'ny eo ivelany dia miseho amin'ny olona ho marina, nefa ny ao anatinareo dia feno fihatsarambelatsihy sy tsi-fankatoavan-dalàna.” —Matio 23:27, 28

### ***Ny Famonoan-tena dia avy amin'ny Devoly***

Aza mino ny lainga avy amin'i Satana sy ny demonia fa hoe ny famonoanao ny tenanao dia mitondra fahafahana ho an'ny olanao na ny helokao! “**Aza mamono olona**” (Eksodosy 20:13.)

### ***Kristy irery ihany no Manafaka ny Heloka***

*(Jereo pejy faha 48 sy 49.)*

JEHOVAH no heriko sy fidèrako, fa efa famonjena ahy lzy; izao no Andriamanitro, ka hankalaza Azy aho, dia Andriamanitry ny razako, ka hanandratra Azy aho.

—Eksodosy 15:2

## **MITANDREMA AMIN'NY HAFATR'I SATANA**

### ***Amin'ny alalan'ireo Mpaminany Sandoka***

Dia hoy JEHOVAH tamiko: “Ireo mpaminany ireo dia maminany lainga amin'ny anarako; tsy naniraka azy Aho, na nandidy azy, na niteny taminy; fa fahitana mandainga sy faminiana tsy marina ary tsinontsinona sy fitaky ny fony no aminiany aminareo.”  
—Jeremia 14:14

“Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana, ka haneho famantarana sy fahagagana hamitahany na dia ny olom-boafidy aza, raha azo atao izany.”  
—Marka 13:22

### ***Amin'ny alalan'ny Firesahana amin'ny Maty***

Teo ambany tsindrimandrin'Andriamanitra no nitenenan'i Davida tamin'ny zanany hoe: “Kanjo maty izy izao, ... fa izy tsy hiverina etý amiko intsony.”  
—2 Samoela 12:23

Aza miresaka amin'ny fanahy ratsy, afa-tsy ny fandidiana azy ireo handeha hiala amin'ny Anaran'i Kristy. Aza mametraka fitokisana amin'ny famakiana fela-tànana, fanokoana sikidy, fanaovana ody fitia, majika. “**Fa an'i JEHOVAH ihany ny fandresena**” (Ohabolana 21:31b.)

### ***Poteho ny Sampy, sy ny Bokin'i Satana***

Ary maro ny mpanao ody no nanangona ny bokiny ka nandoro azy teo imason'ny olona rehetra; ary nony voatontaly ny tokom-bidiny, dia hita fa volafotsy dimy alina izany. Fatratra toy izany no fandrosan'ny tenin' Andriamanitra sy ny heriny.  
—Asan'ny Apostoly 19:19, 20

(*Vakio Genesisy 35:2-5.*)

## **KRISTY DIA NAMORONA NY FIRAISANA ARA-NOFO – MAMADIKA IZANY I SATANA**

### ***Noforonina ho an'ny Fanambadiana ihany ny Firaisana ara-nofa***

Ary ny taolan-tehezana izay nalain'i JEHOVAH Andriamanitra tamin-drarahilaha dia nataony vehivavy ka nentiny tany amin-drarahilaha. Ary noho izany ny lehilaha dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny; ary dia ho nofo iray ihany ireo. –Genesisy 2:22 sy 24

Aoka hanan-kaja amin'ny olona rehetra ny fanambadiana, ary aoka tsy ho voaloto ny fandriana; fa ny mpijanganjanga sy ny mpaka vadin'olona dia hohelohin'Andriamanitra.

–Hebreo 13:4

Fa fantatrareo marimarina fa samy tsy manana lova eo amin'ny fanjakan'i Kristy sy Andriamanitra na ny mpijanganjanga rehetra, na ny olom-betaveta, na ny olona mierina, mpanompo sampy izany. –Efesiana 5:5

Ary ny manam-bady dia didiako, nefa tsy izaho, fa ny Tompo: Aoka tsy hiala amin'ny lahy ny vavy. Nefa raha misy efa niala, dia aoka hitoetra tsy manam-bady, na aoka hody amin'ny lahy; ary ny lahy aoka tsy hiala amin'ny vavy.

–1 Korintiana 7:10, 11

*(Jereo Romana 7:2; Marka 10:9.)*

### ***Satana no ao Ambadiky ny Tsy Fankatoavana***

Izay manota dia avy amin'ny devoly, satria ny devoly manota hatramin'ny voalohany. –1 Jaona 3:8a

### ***Fananan'izay Ankatoavinao ianao***

Tsy fantatrareo va fa raha manolo-tena ho mpanompo hianareo na ho an'iza na ho an'iza, dia mpanompon'izay arahinareo? –Romana 6:16a

## **NY FIJANGAJANGANA SY NY FAKAM-BADIN'OLONA DIA FIODINANA AMIN'ANDRIAMANITRA**

“Aza mijangajanga.” —Eksodosy 20:14

Fa izao no sitrapon'Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo: hifadianareo ny fijangajanga. —1 Tesaloniana 4:3

“Ary ny lehilahy mijangajanga amin'ny vadin'olona, dia izay mijangajanga amin'ny vadin'ny namany, hatao maty tokoa, na ny mila, na ny ilainy.” —Levitikosy 20:10

### ***Ny Fahotana izay mihatra amin'ny Tenanao***

Fa ny tena kosa dia tsy ho an'ny fijangajangana, fa ho an'ny Tompo; ary ny Tompo ho an'ny tena. Tsy fantatrareo va fa momba ny tenan'i Kristy ny tenanareo? Mandosira ny fijangajangana. Izay fahotana rehetra ataon'ny olona dia eny ivelan'ny tena ihany; fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin'ny tenany. —1 Korintiana 6:13b, 15a sy 18

### ***Mila Miaro Tena amin'ny Fahotana Ateraky ny Firaisana ara-nofa ny Ray Aman-dreny***

Aza mampijangajanga ny zanakao-vavy hampahaloto azy, fandrao hijangajanga ny tany ka ho feno fahavetavetana. —Levitikosy 19:29

**Fijangajangana:** Firaisana ara-nofa ifandraisan'ireo olona izay tsy manam-bady.

**Fakam-badin'olona:** Firaisana ara-nofa amin'olona ankoatry ny vady mariazy aorian'ny mariazy.

## **RESY I SATANA TAMIN'NY ALALAN'NY FAHAFATESAN'I KRISTY**

Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahaveloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy.

–1 Korintiana 15:22

Koa satria manana nofo aman-dra ny zaza, dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin'ny fahafatesana ilay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly. Ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin'ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana.

–Hebreo 2:14, 15

Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny handrava ny asan'ny devoly.

–1 Jaona 3:8b

Ary nesoriny tsy ho eo amin'ny tenany ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazofijaliana dia nasehony miharihary ny fitòndrany ireo toy ny fanaon'izay avy nandresy.

–Kolosiana 2:15

### ***Fiainana Mandrakizay ho antsika ao amin'i Kristy***

Izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin'ny fiantsoana masina, tsy araka ny asantsika, fa araka ny fikasany sy ny fahasoavany izay nomena antsika tao amin'i Kristy Jesosy hatry ny fony fahagola. Fa naharihary ankehitriny tamin'ny nisehoan'i Kristy Jesosy, Mpamonjy antsika, Izay nahafoana ny herin'ny fahafatesana, ka ny filazantsara no nampisehoany mazava ny fiainana sy ny tsifahalòvana mandrakizay.

–2 Timoty 1:9, 10

## **NY FANDRESEN'NY KRISTIANA AN'I SATANA**

Fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany. Tohero izy, ka miorena tsara amin'ny finoana hianareo. –1 Petera 5:8b, 9a

Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly. Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-dra, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra.... mba hahazoanareo hanohitra amin'ny andro mahory... ka sikino fahamarinana ny valahanareo, ary mitafia ny rariny ho fiarovan-tratra. Ary kiraroy... amin'ny filazantsaran'ny fihavanana ny tongotratreo. Ary ho fanampin'izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipika mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy. Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-doha sy ny Tenin'Andriamanitra ho sabatry ny Fanahy. Ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy ..., ka miambena amin'izany ... –Efesiana 6:11-18a

Ka dia maneke an'Andriamanitra hianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy. –Jakoba 4:7

Satria lehibe (Kristy) Izay ao aminareo noho (Satana) izay ao amin'izao tontolo izao. –1 Jaona 4:4b

Nahoana i Satana no mandositra: satria ao aminao Kristy!

## NY FAHEFAN'I KRISTY

### *Izy no Feon'Andriamanitra*

Rehefa nampitenenin'Andriamanitra ... dia amin'izao andro farany izao kosa no nampitenenany tamintsika ny Zanany, Izay voatendry ho Mpandova ny zavatra rehetra; Izy no nahariany izao tontolo izao. —Hebreo 1:1a, 2

Dia talanjona ny olona tamin'ny fampianarany, satria nampianatra azy tahaka izay manana fahefana Izy, fa tsy mba tahaka ny mpanora-dalàna. —Marka 1:22

Nefa amintsika kosa dia Andriamanitra iray ihany, dia ny Ray, Izay nihavian'ny zavatra rehetra, ary ho Azy isika; ary iray ihany ny Tompo, dia Jesosy Kristy, Izay nahariana ny zavatra rehetra sady nahariana antsika koa.

—1 Korintiana 8:6

“Ary nomeny fahefana hitsara Izy, satria Zanak'olona.”

—Jaona 5:27

Izay eo amin'ny tàmàna ankavanan'Andriamanitra; fa efa lasa ho any an-danitra Izy ka efa nampanekena Azy ny anjely sy ny fahefana ary ny hery. —1 Petera 3:22

Fa izany no nahafatesan'i Kristy sy nahavelomany indray, mba ho Tompon'ny maty sy ny velona Izy. —Romana 14:9

Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: “Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etý antany.” —Matio 28:18



## **MITENY SY MANAO ZAVATRA AMIN'NY FAHEFANA I KRISTY**

Ary nifoha Izy, dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hoe: Mangina, mitsahara. Ary nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro. —Marka 4:39

### ***Nanasitrana tamin'ny Fahefana Izy***

Fa mba ho fantatrarao fa ny Zanak'olona manana fahefana ety ambonin'ny tany hamela heloka, dia lazaiko aminao, hoy Izy tamin'ilay mararin'ny paralysisa: Mitsangàna, betao ny fandrianao, ka modia any an-tranonao. Dia nitsagana izy ka nambeta ny fandriany niaraka tamin'izay ary niala teo anatrehan'ny olona rehetra; dia talanjona izy rehetra ka nankalaza an'Adriamanitra. —Marka 2:10-12a

### ***Mandroaka Devoly i Kristy***

Ary ny fanahy maloto nampifanintontsintona ny tenan'ilay marary, dia niantso tamin'ny feo mahery ka niala taminy. Dia gaga ny olona rehetra ka nifanontany hoe: Manao ahoana re izao zavatra izao? Fampianarana vaovao misy fahefana izao? fa ny fanahy maloto aza no didiany, ka dia manaiky Azy. —Marka 1:26, 27

### ***Nanangana ny Maty tamin'ny Fahefana Izy***

Ary nanatona Izy ka nanendry ny tranovorona, dia nijanona izay nilanja. Ary hoy Jesosy: Ry zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena. Dia niarina ny maty sady niteny, ary dia natolony tamin-dreniny. —Lioka 7:14, 15

**KRISTY MANOME FAHEFANA SY HERY HO AN'NY  
MPANARAKA AZY MBA HANDRESEN'IREO NY  
HERIN'NY FAHAVALO REHETRA**

“Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo hianareo, ka tsy hisy hampaninona anareo akory.”

—Lioka 10:19

Ary Jesosy niantso ny roa ambin'ny folo lahy hankeo Aminy ka nanome azy hery sy fahefana hamoaka ny demonia rehetra sy hahasitrana aretina.

—Lioka 9:1

“Lazaiko aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no hilaza amin'ity tendrombohitra ity hoe: Mifindrà, ka mianjerà any andranomasina, ka tsy hiahanahana ao am-pony, fa hino fa ho tonga ny zavatra lazainy, dia ho azony izany.”

—Marka 11:23

“Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa.”

—Jaona 14:12a

Fa hoy Jesosy taminy: “Hainao hoe? Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino.”

—Marka 9:23

Ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiasan'ny herin'ny faherezany.

—Efesiana 1:19

Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'llay mampahery ahy.

—Filipiana 4:13

## **AHOANA NO ANDROAHANA NY FANAHY MALOTO**

### ***Teneno izy ireo ary Didio Hivoaka amin'ny Anaran'i Jesosy***

Satria Jesosy efa nanao taminy hoe: “Mivoaha amin'ity lehilahy ity, ry fanahy maloto.” Dia nanontany azy Jesosy hoe: “Iza moa no anaranao?” Ary izy namaly hoe: “Legiona no anarako, satria maro izahay.” Ary ny fanahy maloto, rehefa nivoaka, dia niditra tao anatin'ny kisoa.

—Marka 5:8, 9 sy 13b

Dia niteny mafy ny fanahy maloto Izy ka nanao taminy hoe: “Ry fanahy moana sy marenina! Izaho mandidy anao: Mivoaha aminy, ka aza miditra ao anatin'ny intsony.” Ary rehefa ninananana izy sady nampifanintontsintona mafy ilay zazalahy, dia nivoaka taminy; ary efa toy ny maty, ka dia nataon'ny maro hoe: “Maty.” Fa Jesosy nandray ny tànany ka nanarina azy; dia nitsangana izy... Iny karazana iny dia tsy mba azo avoaka na amin'inona na amin'inona, afa-tsy amin'ny fivavahana ihany.

—Marka 9:25b, 27 sy 29b

Ary... Paoly, dia nitodika taminy ka nanao tamin'ny fanahy hoe: Mandidy anao amin'ny anaran'i Jesosy Kristy aho hivoaka aminy. Dia nivoaka tamin'izany ora izany indrindra izy.

—Asan'ny Apostoly 16:18b

Fa Jesosy niteny mafy azy ka nanao hoe: "Mangina hianao, ka mivoaha aminy. Ary ny demonia, nony namotraka azy teo afovoan'ny olona, dia nivoaka taminy, nefa tsy naharatra azy.

—Lioka 4:35

## **NY ANARAN'I JESOSY KRISTY LEHIBE INDRINDRA**

Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra. Mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra. —Filipiana 2:9, 10a

“Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka.” —Jaona 14:13

Taorian'ny fitondrana am-pinoana, ny vadiko sy ny fianakaviako, niverina tany Afrika mba hiasa ho an'i Kristy; indray alina dia nifoha aho ary nahita fanahy ratsy mahatsiravina nanindry ahy. Raha vao niezaka namindra ny lohaliko aho hanohitra ny lohaliny mba ahitako na tena misy marina ilay izy na tsia, dia natosiny mafy niverina tampoka ny lohaliko, ary nanatona ahy farany izay haingana izy mba hanakenda ahy. Tsy nanam-potoana nilazana afa-tsy teny telo monja aho, dia ireto: “Jesosy ô, ampio aho!” Niaraka tamin'izay anefa dia lasa ilay fanahy ratsy, ary tsy niverina tamiko intsony izany, efa 38 taona lasa izao. Misy hery lehibe handroahana an'i Satana sy ny demonia rehetra ny anaran'i Kristy! Antsoy ny anaran'i Kristy ho an'ny famonjena sy fanafahana. (Romana 10:13)

Nisy vehivavy iray nitantara tamiko sy ny vadiko hoe, raha iny mbola nianatra tany amin'ny sekoly ambaratonga ambony iny izy dia nisy tovolahy iray nitondra azy nitsangatsangana nidina làlam-by iray. Tamin'ny toerana

anankiray, dia nikendry hahafaty azy ilay tovolahy, ka nihevitra ny hanao izay hisainan'ny olona fa matin'ny fiaran-dàlam-by iray nandalo teo izy. Nefa rehefa nodidian'ilay vehivavy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ilay tovolahy dia tonga tsy nanan-kery taminy. Noho ny herin'i Jesosy, dia nodidiany handeha teo alohany ilay tovolahy teny an-dàlana niverina ho any amin'ny sekoliny.

Nisy vehivavy iray koa nitantara tamiko sy ny vadiko fa tamin'ny androm-pahatanorany dia nanokatra ny fonenany tsy tamim-pahendrena izy ho an'ny lanonan'ny filazana vintana. Taorian'izany, dia nanomboka namindra matetika ny fanaka rehetra nanerana ny trano ny fanahy ratsy. Tao anatin'ny famoizam-po no nandroahany azy ireo tamin'ny anaran'i Jesosy mba hivoaka ny trano. Taty aoriana, dia nanolotra tanteraka ny tenany ho an'i Jesosy Kristy izy.

Aza onena na mangora-po an'i Satana na ny demonia na *oviana na oviana*. Ny *hany mba fikasan'izy* ireo dia ny hahazo anao mba hiandany aminy fa tsy amin' Andriamanitra. Nisy zokiolona Kristiana iray voan'ny fahalemena ara-batana sy fikorotanan-tsiana, nitantara tamiko ny zavatra nolazain'i Satana taminy. Nihevitra ny "*hanome fitsapana azy*" izy. Eto dia mampahatsiaro anao aho fa Satana dia lehibe amin'ny famitahana olona ary aza matoky na dia teny iray akory amin'izay lazainy ianao. Notoheriko mafy tamin'ny anarana Tsitohan'i Jesosy Kristy Satana. Hoy ity lehilahy ity: "Faly aho fa tonga ianao amin' izao alina izao." Hatreo dia hita ho feno ny fiadanana'i Kristy izy, dimy herinandro talohan'ny nahafatesany.

–*Watson Goodman*

## **NY TSY FITOVIANA MISY EO AMIN'I KRISTY SY SATANA**

### ***Kristy no Ilay Andriamanitra Mpahary***

Fa tao Aminy no nahariana ny zavatra rehetra any andanitra sy ety ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, lzy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany.

—Kolosiana 1:16

### ***Manome Famirapiratana sy Fiadanana i Kristy***

“Hamirapiratra amin'izay mipetraka ao amin'ny maizina sy ao amin'ny aloky ny fahafatesana, hanitsy ny diantsika ho amin'ny lalam-piadanana.”

—Lioka 1:79

Ary ny Tompon'ny fiadanana anie hanome anareo fiadanana mandrakariva amin'ny zavatra rehetra.

—2 Tesaloniana 3:16a

### ***Mandrava kosa i Satana sy ny Demonia***

“Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana.”

—Jaona 10:10a

“Loza ho an'ny tany sy ny ranomasina! Fa nidina ho aminareo ny devoly sady manana fahatezerana lehibe, satria fantany fa kely sisa ny androny.”

—Apokalypsy 12:12b

### ***Mahatonga Aizim-pito sy Fahoriam-be Satana***

Ny alehan'ny ratsy fanahy dia toy ny aizim-pito; tsy fantany akory izay manafintohina azy.

—Ohabolana 4:19

“Ary maty koa ilay manan-karena, dia nalevina. Ary raha nijaly tao amin'ny fiainan-tsi-hita izy ka niandrandra.”

—Lioka 16:22b, 23a

## **NY TSY FITOVIANA MISY EO AMIN'I KRISTY SY SATANA**

### ***Kristy dia Fahamarinana***

Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra mendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana. “Raha maharitra amin'ny teniko hianareo, dia ho mpianatro tokoa. Ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo.”

–Jaona 1:14 sy 8:31b, 32

### ***Feno Fitiavana i Kristy***

Izao no ahafantarantsika ny fitiavana, satria Izy no nanolotra ny ainy hamonjy antsika; ary isika kosa mba tokony hanolotra ny aintsika hamonjy ny rahalahy. –1 Jaona 3:16

Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha. –1 Jaona 4:19

### ***Satana no Rain'ny Lainga***

“Hianareo avy tamin'ny devoly rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo hatao. Izy dia mpamono olona hatramin'ny taloha, ary tsy nitoetra tamin'ny marina, satria tsy misy marina aminy. Raha mandainga izy, dia ny azy no lazainy, satria mpandainga izy sady rain'ny lainga.”

–Jaona 8:44

### ***Satana no Mahatonga ny Fankahalana***

“Raha halan'izao tontolo izao hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa Izaho efa halany talohanareo.” –Jaona 15:18

Fa miharihary ny asan'ny nofo,... fandrafiana,... fitokoana.

–Galatiana 5:19a, 20

## **NY TSY FITOVIANA MISY EO AMIN'I KRISTY SY SATANA**

### ***Kristy Manazava ny Fanahy***

Fa raha mandeha eo amin'ny mazava isika, tahaka Azy eo amin'ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra. –1 Jaona 1:7

### ***Kristy Manafaka amin'ny Fahotana***

Koa mainka aza ny hamonjeny antsika ho afaka amin'ny fahatezarana ankehitriny, rehefa nohamarinana tamin'ny rany isika. –Romana 5:9

### ***Manome Fiainana Mandrakizay i Kristy***

“Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao.” –Jaona 17:3

### ***Mandoto ny Fanahy i Satana***

Aza mety hofitahina hianareo; Andriamanitra tsy azo vazivazina, fa izay afafin'ny olona no hojinjany. Fa izay mamafy ho an'ny nofony dia hijinja fahasimbana avy amin'ny nofo. –Galatiana 6:7, 8a

### ***Mitaona ny Olona Hanota i Satana***

Izay manota dia avy amin'ny devoly, satria ny devoly manota hatramin'ny voalohany. –1 Jaona 3:8a

### ***Mitarika ho any amin'ny Fahafatesana Mandrakizay Satana***

“Ny tsimparifary dia ny zanak'ilay ratsy. Ny fahavalo izay namafy izany dia ny devoly; ... ny tsimparifary sy andorana azy amin'ny afo.” –Matio 13:38b,40a



## SATANA SY NY FIFEHEZANA IZAO TONTOLO IZAO

### ***Izy no Andrianan'ity Tontolo ity amin'izao Fotoana izao***

“Tsy hilaza zavatra maro aminareo intsony Aho; fa avy ny andrianan'izao tontolo izao, nefa tsy manana na inona na inona ato amiko izy.”  
—Jaona 14:30

### ***Satana no Andriana. Ka raha tsy Mandeha araka ny tokony ho izy ny Zavatra rehetra, dia Omeo tsiny izy.***

Izany fahendrena izany dia tsy ny avy any ambony, fa araka ny etý an-tany ihany, araka ny nofo, araka ny an'ny demonia. Fa izay misy fialonana sy fifampindanianana dia misy fikorontanana mbamin'izay asa ratsy rehetra.

—Jakoba 3:15, 16

Rehefa mahazo anjara i Satana, dia simbainy ankarihary ny fahafahana manompo an'i Kristy. Tsy afaka manimba ny fonao izay feno fitiavana ho an'i Kristy anefa izy. Tano ny finoana!

### ***Aoka ho Marina ho an'i Kristy hatramin'ny Fahafatesana***

Ary ny olona nitora-bato an'i Stefana, izay niantso hoe: Ry Jesosy Tompo ô, raiso ny fanahiko. Dia nandohalika izy ka niantso tamin'ny feo mahery hoe: Tompo ô, aza atao ho helony anie izao ota izao. Ary rehefa nilaza izany izy, dia nodi-mandry.  
—Asan'ny Apostoly 7:59, 60

### ***Ny Tontolon'ny Fanjakan'i Kristy***

Ny handrosoan'ny fanapahana sy ny fiadanana dia tsy hanam-pahataperana eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida sy ny fanjakany, mba hampioerenana sy hampitoerana azy amin'ny rariny sy ny hitsiny hatramin'izao ka ho mandrakizay.

—Isaia 9:6a

## **ANTIKRISTY – MPIFEHY IZAO TONTOLO IZAO HO AVY**

### ***Ny Lehilahin'Ota dia Ampitaovin'i Satana***

Ary mangataka aminareo izahay, ry rahalahy, ny amin' ny fiavian'i Jesosy Kristy Tompontsika sy ny hanangonana antsika ho eo aminy.... Aza mety hofitahin'olona akory hianareo; fa tsy ho avy izany, raha tsy efa tonga aloha ny fihemorana, ka hiseho ilay lehilahin'ota, dia ilay zanaky ny fahaverezana. Ilay manohitra ka manandra-tena ho ambony noho izay rehetra atao hoe Andriamanitra, na izay ivavahana, ka dia mipetraka eo amin'ny tempolin' Andriamanitra izy ka manao ny tenany ho Andriamanitra. Ary dia haseho ilay tena mpandika lalàna, izay holevonin'i Jesosy Tompo amin'ny fofonain'ny vavany ary hofoanany amin'ny fisehoan'ny fihaviany. Ny fihavin'ilehiny dia araka ny fiasan'i Satana amin'ny hery sy famantarana sy ny fahagagana mandainga rehetra.

–2 Tesaloniana 2:1, 3, 4, 8-9

Ary ilay dragona nanome azy ny heriny sy ny seza fiandrianany ary fahefana lehibe. Ary nomena fahefana tamin'ny fokom-pirenena sy ny olona sy ny samy hafa fiteny ary ny firenena rehetra izy.

–Apokalypsy 13:2b sy 7b

Ary dia niankohoka teo anoloan'ilay dragona ireo, satria izy no nanome ny fahefana ho an'ny bibi-dia; ary niankohoka teo anoloan'ny bibi-dia koa ireo ka nanao hoe: “Iza no tahaka ny bibi-dia? Ary iza no mahay miady aminy?”

–Apokalypsy 13:4

## HIADY AMIN'IREO OLO-MASINA NY ANTIKRISTY

Ary hiteny hanohitra ny Avo Indrindra izy sy hampahory ny olo-masin'ny Avo Indrindra ary hitady hanova fotoana sy lalàna; ary hatolotra eny an-tànany ireo ambara-pahatapitry ny fetr'andro iray sy ny fetr'andro roa ary ny antsasaky ny fetr'andro. Fa hipetraka ny Mpitsara, ary hesorina ny fanapahany, ka horavana sy hosimbana hatramin'ny farany izy. —Daniela 7:25, 26

Ary nomena fahefana mba hiasa roa amby efa-polo volana. Ary nanokatra ny vavany hiteny ratsy an' Andriamanitra izy, dia ny hiteny ratsy ny anarany sy ny tabernakeliny, dia ireo mitoetra any an-danitra. Ary navela hiady tamin'ny olona masina izy ka haharesy azy; ary nomena fahefana tamin'ny fokom-pirenena sy ny olona sy ny samy hafa fiteny ary ny firenena rehetra izy. Ary hiankohoka eo anoloany ny olona rehetra monina ambonin' ny tany, dia izay tsy manana ny anarany voasoratra eo amin' ny bokin'ny fiainan'ny Zanak'ondry, izay voavono hatramin' ny nanorenana izao tontolo izao. Raha misy manan-tsofina, aoka izy hihaino. —Apokalypsy 13:5b-9

Miadia ny ady tsaran'ny finoana, hazòny ny fiainana mandrakizay; fa ho amin'izany no niantsoana anao koa sy nanaovanao ilay fanekena tsara teo imason'ny vavolombelona maro. —1 Timoty 6:12

## **AZA MIANKOHOKA AMIN'NY SARIN'NY ANTIKRISTY NA OVIANA NA OVIANA**

***Ny Relijiozy Mpitarika izao Tontolo izao no Manampy ny Antikristy Hamitaka izao Tontolo izao.  
Na Manompo na Maty!***

Ary mamitaka izay monina ambonin'ny tany izy amin'ny famantarana izay nomena azy hatao eo imason'ny bibi-dia, sady milaza amin'izay monina ambonin'ny tany koa mba hanao sary ho an'ny bibi-dia, izay voan'ny sabatra, nefa velona ihany. Ary navela hanisy aina ny sarin'ny bibi-dia izy, mba hahateny ny sarin'ny bibi-dia, ary hampamono izay rehetra tsy mety miankohoka eo anoloan'ny sarin'ny bibi-dia. Ary nosamborina ilay bibi-dia mbamin'ny mpaminany sandoka, dia ilay nanao ny famantarana teo anatrehany, izay nentiny namitaka ny efa nandray ny mariky ny bibi-dia sady miankohoka eo anoloan'ny sariny; ary dia natsipy velona ho any amin'ny farihy afo mirehitra solifara izy roroa.

—Apokalypsy 13:14, 15 sy 19:20a

***Ny Olon'Andriamanitra dia Mandà ny andriamani-kafa***

“Indro, Andriamanitra Izay tompoinay dia mahavonjy anay amin'ny lafaoro misy afo mirehitra sady hamonjy anay amin'ny tàmanao, ry mpanjaka ô. Ary na dia tsy izany aza, aoka ho fantatrao, ry mpanjaka ô, fa ny andriamanitrao dia tsy hotompoinay, ary ny sariolona volamena efa natsanganao dia tsy hivavahanay.”

—Daniela 3:17, 18

## **NY ANTIKRISTY DIA: NA MANOMPO NA MATIN'NY HANOANANA**

Ary ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, na ny manan-karena na ny malahelo, na ny tsy andevo na ny andevo, dia ampandraisiny marika eo amin'ny tànany ankavanana na eo amin'ny handriny avokoa. Mba tsy hisy hahazo hividy na hivarotra, afa-tsy izay manana ny marika, dia ny anaran'ny bibi-dia, na ny isan'ny anarany. Indro ny fahendrena. Aoka izay manan-tsaina hanisa ny isan'ny bibi-dia, fa fanisan' olona izany; ary enina amby enim-polo amby enim-jato no isany. —Apokalypsy 13:16-18

### ***Ho avy Ny Andro Mahafinaritra ho an'ny Voavonjy***

“Ireo no avy tamin'ny fahoriana lehibe, ary ny akanjony nosasany sy nofotsiany tamin'ny ran'ny Zanak'ondry. Ary noho izany dia mitoetra eo anoloan'ny seza fiandrianan' Andriamanitra izy ka manompo Azy andro aman'alina eo amin'ny tempoliny; ary Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana dia hamelatra ny trano-lainy handrakotra azy. Tsy ho noana na hangetaheta intsony ireo; ary tsy haninona azy ny masoandro na izay hafanana akory. Fa ny Zanak'ondry izay eo afovoan'ny seza fiandrianana no ho Mpiandry azy ka nitondra azy ho amin'ny loharanon'ny ranon'aina; ary hofafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny masony.” —Apokalypsy 7:14b-17

Tsara kokoa ny miditra noana any an-danitra toy izay ny miditra voky any amin'ny helo.

**VOAHELOKA AVOKOA IREO OLONA MIANKOHOKA  
AMIN'NY ANTIKRISTY, NA IREO MANDRAY NY MARIKA  
EO AMIN'NY TENANY MBA AHAFAHANA MIVIDY SY  
MIVAROTRA.**

Ary nisy iray koa, dia anjely fahatelo, nanaraka ireny ka nanao tamin'ny feo mahery hoe: “Raha misy miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin'ny handriny na amin'ny tãnany, dia izy koa no hisotro ny divain'ny fahatezeran' Andriamanitra, izay naidina tao anatin'ny kapoaky ny fahatezerany tsy miharoharo zavatra, sady hampijalina amin'ny afo sy solifara eo anatrehan'ny anjely masina sy eo anatrehan'ny Zanak'ondry izy.

“Ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay; ary tsy manam-pitsaharana na andro na alina izay miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny, na izay mandray ny mariky ny anarany.”

Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrana ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy. Ary nahare feo avy tany an-danitra aho nanao hoe: Soraty: Sambatra ny maty, dia izay maty ao amin'ny Tompo hatramin'izao. Eny, hoy ny Fanahy, fa hitsahatra amin'izay nisasarany izy; fa ny asany manaraka azy.”

—Apokalypsy 14:9-13

**FANDRESENA NY MARIKA SY NY SARIN'I SATANA  
TALOHAN'NY NAHATONGAVAN'NY  
FAHATEZERAN'ANDRIAMANITRA TAMIN'IZAO  
TONTOLO IZAO**

Dia anjely fito izay nanana ny loza fito farany, satria ireny no enti-maha-tanteraka ny fahatezeran' Andriamanitra. Ary nahita aho fa, indro, toa ranomasina fitaratra miharo afo, ary izay naharesy ka afaka tamin'ny bibi-dia sy ny sariny ary ny isan'ny anarany dia nitsangana teo amoron' ny ranomasina fitaratra, nitana lokangan'Andriamanitra. Ary mihira ny fihiran'i Mosesy mpanompon'Andriamanitra, sy ny fihiran'ny Zanak'ondry izy manao hoe: Lehibe sy mahatalanjona ny asanao, Tompo ô, Andriamanitra Tsitoha; mahitsy sy marina ny làlanao, ry Mpanjaka mandrakizay. Ary nahare feo mahery avy tao amin'ny tempoly aho nanao tamin'ny anjely fito hoe: “Mandehana, aidino amin'ny tany ny ao amin'ny lovia fito feno ny fahatezeran'Andriamanitra.”

—Apokalypsy 15:1b-3 sy 16:1

*(Apokalypsy toko 16-18: ny loza fito sy ny vokany.)*

***Fanapahan-doha ny Mpanjakan'ny Maritiora***

Ary hitako koa ny fanahin'izay notapahin-doha noho ny filazana an'i Jesosy sy ny tenin'Andriamanitra sy izay rehetra tsy niankohoka teo anoloan'ny bibi-dia na teo anoloan'ny sariny ary tsy nandray ny marika ho eo amin'ny handriny na ho eo amin'ny tànany; ary velona izy ka niara-nanjaka tamin'i Kristy arivo taona. —Apokalypsy 20:4b

## **HARA-MAGEDONA, NAMPITSAHATRA NY ADY I KRISTY**

### ***Manangona Firenena Maro ho Amin'ny Ady ny Devoly***

Fa fanahin'ny demonia ireo ka manao famantarana sady mankany amin'ny mpanjaka amin'izao tontolo izao, mba hanangona azy ho amin'ny adin'ilay andro lehiben' Andriamanitra Tsitoha. Ary nangoniny ho any amin'ny tany atao amin'ny teny Hebreo hoe Hara-magedona ireny.

—Apokalypsy 16:14 sy 16

### ***Kristy Manafaka ny Taniny sy ny Olom-Boafidiny, dia ny Isiraely***

“Indro, Izaho hanao an'i Jerosalema ho kapoaka mampiraikiraiky ho an'ny firenena rehetra manodidina. Ary amin'izany andro izany Jerosalema dia hataoko vato mavesatra ho an'ny firenena rehetra, ka haràtra dia haràtra izay rehetra mivesatra azy; ary ho tafangona hamely azy ny firenena rehetra amin'ny tany.” Dia hivoaka Jehovah ka hiady amin'ireny jentilisa ireny, tahaka ny fameliny amin'ny andro fiadiana. Ary izao no areti-mandringana hamelezan'i Jehovah ny firenena rehetra izay efa nanafika an'i Jerosalema: Hataony mihalevona am-pitsanganana ny nofony, ary hihalevona eo amin'ny itoerany ny masonry, ary ny lelany koa hihalevona ao am-bavany.

—Zakaria 12:2a, 3; 14:3, 12

Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika?

—Romana 8:31b



## **KRISTY NO MPANAPAKA FARANY IZAO TONTOLO IZAO**

Fa aseho avy any an-danitra ny fahatezeran' Andriamanitra amin'ny faharatsiana rehetra sy ny tsi-fahamarinan'ny olona izay misakana ny fahamarinana amin'ny fanaovanan-dratsy. —Romana 1:18

Ary misy sabatra maranitra mivoaka avy amin'ny vavany mba hamelezany ny firenena; ary lzy hanapaka azy amin'ny tehim-by; ary lzy no manitsaka ny famiazana ny divain'ny firehetan'ny fahatezeran'Andriamanitra Tsihoa. Ary manana anarana voasoratra amin'ny lambany sy ny feny lzy nanao hoe: MPANJAKAN'NY MPANJAKA SY TOMPON' NY TOMPO. —Apokalypsy 19:15, 16

“Ary lzy no hanjaka mandrakizay mandrakizay.”

—Apokalypsy 11:15b

***Manapaka mandritra ny taona vitsy ny Antikristy. Fa Kristy kosa dia manapaka 1.000 taona, ary lzy manjaka mandrakizay***

Fa ho mpisoron'Andriamanitra sy Kristy ireo ka hiaramanjaka aminy arivo taona. —Apokalypsy 20:6b

Ary amin'ny andron'ireo mpanjaka ireo Andriamanitry ny lanitra dia hanorina fanjakana izay tsy ho rava mandrakizay. —Daniela 2:44a

***Tokony Hiankohoka eo Anatrehan'i Kristy  
TOMPO ny Firenena Rehetra!***

Ny firenena rehetra nataonao dia ho avy hiankohoka eo anatrehanao, Tompo ô, ka hanome voninahitra ny Anaranao. —Salamo 86:9

## **RESY TAMIN'NY ADY NIFANAOVANY TAMIN'ANDRIAMANITRA I SATANA**

Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjelin'ny niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona mbamin'ny anjelin'ny kosa dia niady, nefa tsy naharesy, sady tsy nisy fitoerana ho azy intsony tany an-danitra. Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy satana, izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjelin'ny koa niaraka nazera taminy. Dia nahare feo mahery tany an-danitra aho nanao hoe: Ankehitriny dia tonga ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan'Andriamanitsika, ary ny fahefan'ny Kristiny, satria nazera ilay mpiampanga ny rahalahintsika, dia ilay miampanga azy eo anatrehan'Andriamanitsika andro aman-alina. —Apokalypsy 12:7-10

### ***Fitaovam-piadiana mba Handresena amin'ny Ady***

“Ary izy ireo naharesy azy noho ny amin'ny ran'ny Zanak'ondry sy ny teny filazana Azy, ary tsy nankamamy ny aina intsony izy, na dia ho faty aza.” —Apokalypsy 12:11

### ***Ny Anjaran'i Satana Mandrakizay***

Ary nisy afo nidina avy tany an-danitra ka nandany azy. Ary ny devoly izay namitaka azy dia natsipy tany amin'ny farihy afo sy solifara, izay misy ilay bibi-dia sy ilay mpaminany sandoka koa, ary hampijalina andro amin-alina mandrakizay mandrakizay ireo. —Apokalypsy 20:9b sy 10

## **AN'IZA NY FANJAKANA MANDRAKIZAY?**

Losifera dia tokony ho nankatò tamin'ny fifaliana tany andanitra mandrakizay, nefa dia nanandrana nifehy ny fanjakan' Andriamanitra izy.

*(Vakio Isaia 14:13 sy 14 ao amin'ny pejy 3.)*

### ***Manjaka Mandrakizay Kristy Tompo***

Anao, Jehovah ô, ny fahalehibeazana sy ny hery sy ny voninahitra sy ny famirapiratana ary ny fiandrianana, dia izay rehetra any an-dantira sy etý an-tany; Anao ny fanjakana, Jehovah ô, ary Anao ny fisandratana ho Lohany ambonin'izy rehetra.

–1 Tantara 29:11

Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahaveloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy. Nefa samy amin'ny filaharany avy: Kristy no santatra; rehefa afaka izany, dia izay an'i Kristy amin'ny fihaviany. Ary rehefa afaka izany, dia avy ny farany, ka amin'izay dia hatolony ho an'Andriamanitra Ray ny fanjakana, rehefa nofoanany ny fanapahana rehetra sy ny fahefana rehetra ary ny hery rehetra. Fa tsy maintsy manjaka lzy, mandrapanaony ny fahavalony rehetra ho eo ambanin'ny tongony. Ny fahafatesana no fahavalo farany horesena.

–1 Korintiana 15:22-26

Ary ny anjely fahafito nitsoka, dia nisy feo mafy tany andanitra nanao hoe: Ny fanjakana amin'izao tontolo izao dia efa lasan'ny Tompontsika sy ny Kristiny; ary lzy no hanjaka mandrakizay mandrakizay.

–Apokalypsy 11:15

**SATANA SY DEMONIA, FAHAVALONAO**  
***Mamotika ny Nofo sy ny Fanahy i Satana amin'ny***  
***alalan'ny Fifankatiavan'ny sodomita, Famonoana ny***  
***Zaza any Am-bohoka, Fananan'ny Devoly***

... Lehilahy nifanao izay mahamenatra, dia nandray tao amin'ny tenany ny valiny izay tokony ho azy noho ny fiviliany.

—Romana 1:27

Izao ... no halan'i Jehovah, ... ny tàmana mandatsa-dra marina.

—Ohabolana 6:16a, 17b

“Ary dia mandeha izy ka mitondra fanahy fito hafa koa miaraka aminy izay ratsy noho izy; dia miditra ireo ka mitoetra ao; ary ny faran'izany olona izany dia tonga ratsy noho ny voalohany. Ary dia tahaka izany koa no ho amin'ity taranaka ratsy fanahy ity.”

—Matio 12:45a

**Ary tsy mahagaga izany! Fa Satana aza mampiova ny endriny ho tahaka ny anjelin'ny mazava.**

**—2 Korintiana 11:14**

Andriamanitra velona ihany no katsaho. Aza miantso “andriamankafa” mba hahafantarana ny ho avy, mba hahafantarana izay ao an-tsaina, mba hahasitranana ara-batana, na mba hananana fitarihana araka ny fanahy.

Satana, ilay mpikomy amin'Andriamanitra, no ao ambadik'izao rehetra izao. Miasa amin'ny alalan'ny olona izy, literatiora, fikendrena hanao zavatra, ary finoan-diso. Izay ataony dia mety ho hita fa mahagaga sy mahaso amin'ny voalohany, nefa mitondra ny olona iray ho any amin'ny fanandevozana tsy mifaditrovan'i Satana. Kristy irery ihany no afaka manafaka anao amin'izany.

Aza manolotra ny tenanao ho feheziny fanahy hafa izay tsy Fanahy Masin'Andriamanitra. Minoa fotsiny ny Baiboly sy Jesosy Kristy Tompo.

*(Jereo Apokalypsy 19:13.)*

## **BETSAKA NO HO AVY MBA HAMITAKA NY MARO**

***Diso sy Mamitaka ny Fampianarana Rehetra izay  
Mitarika Hiala amin'ny Làlana Entin'ny Famelan-keloka,  
sy ny Fanasana, ary ny Fanavotana amin'ny alalan'ny  
Ra sy ny Tenan'i Kristy***

“Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Mitandrema, fandrao hisy hamitaka anareo. Fa maro no ho avy amin'ny anarako hanao hoe: ‘Izaho no Kristy’, ka maro no ho voafitany. Ary hisy mpaminany sandoka maro hitsangana ka hamitaka ny maro.”

–Matio 24:4, 5 sy 11

Fa maro no mandeha, izay efa nolazaiko taminareo matetika, sady mbola lazaiko aminareo amin'ny fitomaniana koa ankehitriny, fa fahavalon'ny hazofijalian'i Kristy ireny. Fahaverezana no hiafarany, ny kibony no andriamaniny.

–Filipiana 3:18, 19a

### ***Mamelà dia Havela Hianareo***

“Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any andanitra.”

–Matio 6:14

### ***Manavotra ny Ra Sarobidin'i Kristy***

Fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo ...Fa ny ra soan'i Kristy, toy ny ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina. Izay mino an'Andriamanitra amin'ny alalany.

–1 Petera 1:18, 19 sy 21a

## **INDRISY, OLONA MIJALY AHO!**

### ***Fehezin'ny Fitsipiky ny Fahotana***

Fa samy efa tahaka ny olo-matoto izahay rehetra, ary tahaka ny lamba mihosin-dra ny fahamarinanay rehetra; malazo tahaka ny ravina izahay rehetra, ary ny helokay mipaoka anay tahaka ny rivotra. —Isaia 64:5

### ***Fahatezerana no ho an'ny Fanahin'ny Tsy Fankatoavana***

Izay nalehanareo fahiny, araka ny fomban'izao tontolo izao, araka ny mpanapaka ny fanjakana eny amin'ny rivotra, dia ny fanahy izay miasa ankehitriny ao anatin'ny zanaky ny tsi-fanarahana. Teo amin'ireo no nitondrantsika rehetra tena koa fahiny tamin'ny filan'ny nofontsika, ka nanaovantsika ny danin'ny nofo sy ny saina; ary araka ny toetsika dia zanaky ny fahatezerana toy ny sasany koa isika. —Efesiana 2:2, 3

### ***Satana no Tompon'ireo Tsy Voavonjy***

Fa raha miafina ny filazantsaranay, dia miafina amin' izay ho very izany. Izay nohajambain'ny andriamanitr'izao tontolo izao, dia ny sain'ny tsy mino, mba tsy hiposahan'ny fahazavan'ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy, Izay endrik' Andriamanitra. —2 Korintiana 4:3, 4

### ***Ny ao amin'i Kristy dia Fandresena***

Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy. Izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy. —Romana 8:1 sy 4b

## **AN'I SATANA NY OLONA TSY VOAVONJY**

“Ny tanimbary dia izao tontolo izao; ny voa tsara dia ny zanaky ny fanjakana; ny tsimparifary dia ny zanak'ilay ratsy.”

—Matio 13:38

“Hianareo avy tamin'ny devoly rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo hatao.”

—Jaona 8:44a

### ***Tamin'ny andron'i Adama, Nihodina tamin'Andriamanitra Isika***

“Izay tsy momba Ahy dia manohitra Ahy; ary izay tsy miara-mamory Amiko dia manahaka.”

—Matio 12:30

### ***Izao no Antony Tsy Mainty Ahaterahantsika Indray amin'ny Fanahin'i Kristy***

Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.

—2 Korintiana 5:17

Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy. Ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay.

—Jaona 10:27, 28a

### ***Ankehitriny, dia Miantoraha amin'i Jesosy Tompo***

Indro, ankehitriny no andro fankasitrahana; indro, ankehitriny no andro famonjena.

—2 Korintiana 6:2b

Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina lzy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra.

—1 Jaona 1:9

## **FANDRESENA MANDRAKIZAY AO AMIN'I KRISTY**

Iza no hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana va, sa fahantrana, sa fanenjehana, sa mosary, sa fitanjahana, sa loza, sa sabatra? Kanefa amin'izany rehetra izany dia manaoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan' Ilay tia antsika. —Romana 8:35 sy 37

Fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika. —1 Jaona 5:4

### ***Valisoa ho an'izay Mandresy***

"Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia homeko mana miafina sady homeko vato fotsy, ary eo amin'ny vato dia misy anaram-baovao voasoratra, izay tsy fantatr'olona afa-tsy izay mandray azy ihany." —Apokalypsy 2:17

"Ary izay maharesy ka mitandrina ny asako hatramin'ny farany dia homeko fahefana amin'ny jentilisa." —Apokalypsy 2:26

### ***Tena Sarobidy amin'Andriamanitra Ianao. Manaporofa izany Gologota!***

#### ***Tena Sarobidy ho Anao Andriamanitra!***

Kanefa tsy mihambo hanana fahaleovana avy aminay hihevitra na amin'inona na amin'inona izahay; fa ny fahaleovanay dia avy amin'Andriamanitra. —2 Korintiana 3:5



## **FIDIO IZAY HOTOMPOINAO MANDRAKIZAY**

### ***Miseho amin'ny Voninahitra Miaraka amin'i Kristy***

Koa raha niara-natsangana tamin'i Kristy hianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, izay mipetraka eo an-tànana ankavanana'Andriamanitra. Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etý an-tany. Raha hiseho Kristy fiainantsika, dia hiara-miseho aminy koa amin'ny voninahitra hianareo. Koa vonoy ny momba ny tenanareo izay etý an-tany, dia fijangajangana, fahalotoana, firehetam-po, fanirian-dratsy ary fieremana dia fanompoan-tsampy izany. Fa izany zavatra izany no mahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ny zanaky ny tsi-fanarahana.

—Kolosiana 3:1, 2 sy 4-6

### ***Na ho Voaozona Mandrakizay Miaraka amin'i Satana***

“Ary dia hilaza indray amin'izay eo amin'ny ankaviany kosa Izy hoe: Mialà amiko, hianareo izay voaozona, ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjelyny.”

—Matio 25:41

Hiverina ho any amin'ny fiainan-tsi-hita ny ratsy fanahy, dia ny jentilisa rehetra izay manadino an'Andriamanitra.

—Salamo 9:17

“Ary raha ny tànanao no manafintohina anao, tapaho izy; fa tsara ho anao ny hiditra kilemaina any amin'ny fiainana noho ny manana tànana roa, nefa hariana any amin'ny helo, dia any amin'ny afo tsy azo vonoina.”

—Marka 9:43

## HO ANAO NY FANJAKAN'NY LANITRA

### ***Manetre Tena Ianao***

Ary Jesosy niantso zazakely anankiray hankeo aminy, dia nametraka azy teo afovoany ka nanao hoe: “Lazaiko aminareo marina tokoa: Raha tsy miova hianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy hianareo. Koa na zovy na zovy no hanetry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra.”

—Matio 18:2-4

### ***Mibebaha Noho ny Fahotana***

Dia niseho Jaona, izay nanao batisa tany an'efitra ka nitony ny batisan'ny fibebahana ho famelan-keloka. Ary rehefa voasambotra Jaona, dia nankany Galilia Jesosy nitony ny Filazantsaran'Andriamanitra ka nanao hoe: “Efa tonga ny fotoana, ka efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra; mibebaha hianareo ka minoa ny Filazantsara.”

—Marka 1:4 sy 14, 15

“Tsia, hoy Izaho aminareo; fa raha tsy mibebaka hianareo, dia ho ringana tahaka azy koa hianareo rehetra.”

—Lioka 13:3

“Koa mibebaha hianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo.”

—Asan'ny Apostoly 3:19

*(Misimisy kokoa eo amin'ny pejy manaraka)*

## **RAISO HO MPAMONJY ANAO KRISTY ANIO**

### ***Atolory an'i Jesosy Kristy ny Tenanao***

Ankino amin'i Jehovah ny làlanao, ary matokia Azy, fa hataony tanteraka. —Salamo 37:5

“Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.” —Jaona 3:16

Dia hoy izy roa lahy: “Minoa an'i Jesosy Tompo, dia hovanjena hianao sy ny ankohonanao.”

—Asan'ny Apostoly 16:31

### ***Andriamanitra dia Manome izay Tsara mba Hahatonga Antsika ho Zanany***

Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany.

—Jaona 1:12

### ***Maneke an'i Kristy eo Imasom-bahoaka***

Satria raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao hianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovanjena hianao. Fa amin'ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin'ny vava no anekena hahazoana famonjena. Fa hoy ny Soratra Masina, “Tsy ho menatra izay rehetra mino Azy”.

—Romana 10:9-11

Isan-Tokantrano ho an'i Kristy

BP 754

Mahajanga 401

Mailaka: itk@moov.mg